Rindran'ny Olompirenena
Hiarovana ny Iaraha-manana

# APETRAHO NY HAITONDRA AO ANATIN'NY TENY IERANA SY NY FANJAKANA TANDALANA MBA HANAMARI-TOERANA NY FAMPANDROSOANA MIRINDRA SY HO FITANDROANA NY FANDRIAMPAHALEMANA ARA-TSOSIALY

Nisy ireo tranga fanapahan-kevitra sy asa maromaro avy amin'ny mpitondram-panjakana eto amin'ny firenena tao anatin'ny herinandro vitsy lasa, izay niteraka resabe sy fisavorovoroana teo amin'ny sain'ny maro ary nampiahiahy azy ireo ny amin'ny ho avy toy ny: fihemorana amin'ny fanatanterahana ny PSE, ny fametrahana ireo governora, izay tsy nisy fampahafantarana ho an'ny rehetra sy ny mpanao gazety ny didim-panjakana, fandrafetana ny PEM tsy nialohavana fakan-kevitra teny anivon'ny faritra sy fizarana ny votoatin'ny drafitrasa mialoha ny atrikasa voalaza fa fifampidihana sy fikaonan-doha ny 05 oktobra lasa teo, ny fiparitahan'ny laza adina tamin'ny fanadinana bakalorea sy ny fanapahan-kevitra hikarakara andiany faharoa ho an'ireo izay tsy afa-panadinana, ny fanohizana ny tetikasa Tanamasoandro (tanàna vaovao aorina ivelan'Antananarivo) izay tsy mazava ny mikasika ireo fandalinana momba ny fahafaha-mananantateraka azy sy manoloana ny fitsipahan'ireo mponina voakasik'izany, ny fandrarana ny fivoahan'ireo vehivavy eto amin'ny firenena izay nahitana fijoroana vavombelona teo anivon'ny seranam-piaramanidina iraisam-pirenena, … Saika niteraka resabe sy fametraham-panontaniana isan-karazany ireo tranga ireo raha toa ka hita fa misy olana hafa mitranga izay tsikaritra fa natao ambanin-javatra toy ny: fihitaran'ny doro-tanety sy fanimbana ala, ny olana amin'ny fananan-tany na fibodoana tany …

Ekena fa ireo fanapahan-kevitra sy asa avy amin'ny governemanta ireo dia mety mifototra amin'ny finiavana hamaly ny filan'ny vahoaka. Kanefa hita fa mitera-panontaniana sy ahiahy izy ireo ny amin'ny **maha ara-dalàna, manaja ny zon'olombelona sy ny maha mitombina azy ho fitondrana ireo vahaolana tokony ho izy sy maharitra**. Tao anatin'ny tsy fangaraharahana tanteraka, teo anivon'ny mpisehatra vitsy sy tsy fisokafana amin'ny fifampiresahana sy teny ierana, no nandraisana ny akamaroan'ireo fanapahan-kevitra ireo. Zary niteraka ahiahy miaro tahotra ho an'ny olompirenena izany satria tsy nakan-kevitra akory izy ireo no sady farany vao mahazo ny fampitam-baovao nefa izy ireo no isany mizaka ny voka-dratsiny voalohany. **Izany no endriky ny haitondra ampiasan'ireo mpitondra fanjakana ankehitriny izay mila fieritreretana sy fandinihana lalina ary indrindra fanatsarana.**

Noho izany, dia miantso ny governemanta izahay mba hihevitra sy hampihatra haitondra matotra sy mandala ireto foto-kevitra ireto :

- **Ny fanajana ny lalàna**
  Ny lalàna no fototra ijoroan'ny demokrasia sy ahafahana mitandro ny fahandriampalemana eo anivon'ny fiarahamonina. Ny fanajana ny lalàna dia tsy ananan-tsafidy fa adidy tsy maintsy atao ho an'ny rehetra ary ireo mpitondra no tokony ho fitaratra manome ohatra amin'ny fanajana sy fampiharana azy tsy misy fepetra mba hialana amin'ny « didim-pitsarana zary lalàna » na « jurisprudence » izay mety hiteraka korontana. Araka ny andininy faha-6 ao amin'ny lalam-panorenana : « Ny lalàna dia maneho ny safidim-bahoaka. Mitovy ny olona

rehetra eo anatrehan'ny lalàna, na izy natao hiarovana, na izy natao handidy, na ozy natao hamaizana. »

- **Ny fangaraharahana**
  Ny governemanta dia tokony hampahafantatra ireo mpikatroka voakasika sy ireo olompirenena ireo lalàna sy ireo singa rehetra manampy amin'ny fahazoana ny fironan'ny asa ataon'ny fanjakana, ny fanatanterahana azy, ny vokatra azo sy ny fampiasana ny volam-bahoaka. Ny fanaovan'ny governemanta ny mangaraharaha no ahafahan'izy ireo mamerina ny fahatokisan'ny olompirenana amin'ny mpitondra, izay fepetra iray hisorohana ny fikorontanan'ny filaminam-bahoaka sy ahafahana mandroso ampitoniana mankany amin'ny fampandrosoana mirindra ho an'ny vahoaka manontolo sy ny firenena.

- **Ny famapandraisana anjara ny olom-pirenena sy ny mpisehatra rehetra amin'ny fanapahan-kevitra (fanovana mba hanatsarana ny haitondra)**
  Mila apetraky ny governemanta ireo sehatra ifampidinihina na ikaonandoha ahitana ireo mpikatroka sy mpisehatra rehetra (fanjakana, sehatra tsy miankina, sendika, antoko politika, fiarahamonimpirenena iray manontolo, …), manerana ny faritra mba ahafahana tena mifandray sy mifanakalo hevitra mampandroso entina mandray fanapahan-kevitra mifanaraka tsara amin'ny filan'ny mponina. Ny fampandrosoana andraisan'ny rehetra anjara sy maharitra dia andrikitry ny rehetra sy ilana ny fandraisan'anjara ny rehetra, mba hampiroboroboana ny fankatoavana avy amin'ny rehetra ka hamondronana ny hery sy ny fahaiza-manao ho an'ny tanjona iombonana.

- **Ny fanaovana tamberin'andraikitra**
  Ny governemanta dia tokony manao tamberin'andraikitra amin'ny olom-pirenena sy mametraka rindra-damina isam-banim-potoana hanaovana tatitra ara-bola sy momba ny asa vita, isak'ireo ambaratonga fandraisana fanapahan-kevitra sy asa ataon'ny fanjakana. Ny olom-pirenena dia manana zo ahafantatra ny fampiasan'ny Fanjakana ny volany ary ny Fanjakana dia tokony manana adidy sy fahamarinana amin'ny tamberin'andraikitra.

- **Ny fiekena ny andraikitra noraisina mifototra amin'ny fahazoana vokatra**
  Mieritreritra izahay fa miasa fatratra ny filoham-pirenena nefa miandry ny vokatra ny olompirenana satria izany ihany no mariky ny fandrosoana ho azy ireo. Ankoatr'izay dia tsapa fa ny fanapahan-kevitra rehetra dia toa ny Filoham-pirenena avokoa no mandray azy izay zary misalovana ireo mpikamban'ny governemanta hafa karamaina lafo dia lafo. Ilaina ny fizarana asa sy andraikitra mazava tsara, arahana tanjona sy tondrom-pandrefesana mitombina sy mangarahara, eo amin'ireo ambaratongam-pahefana mpanantateraka samihafa.

Ny olom-pirenena malagasy dia mitaky fahamarinana-toerana ary samy mibanjina ho avy sy fari-piainana tsaratsara kokoa eo anivon'ny tany tan-dalàna ho an'ny taranany. Raha manao ezaka hisokatra amin'ny mpisehatra rehetra sy ny finiavana hampihatra ny teny ierana (manan-danja amin'ny vahoaka Malagasy) ao anatin'ny mangaraharaha sy fanaovana tamberin'andraikitra, avy amin'ny fiadidian'ny Filoha sy ny governemanta, dia hampiseho avy hatrany amin'ny olompirenana rehetra ny finiavany hametraka fitoniana, fanetretena sy ny mahaolona ary ny fahavononany hiasa ho an'ny fampandrosoana andraisan'ny rehetra anjara sy maharitra izay mendrika ho an'ny Malagasy.

Taorian'ny fandraisam-pahefan'ireo mpitondra vaovao 9 volana lasa izay, dia ekena fa asa goavana no maindry sy iantsoroahan'izy ireo amin'ny ady amin'ny fahantrana sy ny ady  amin'ny kolikoly, ary tsy ho hita eo ny ho eo ny vokatr'izany. Kanefa, mety ho izy ireo no ho tompon-dakan'ny fiovana izay irina hitranga eto Madagasikara, raha toa ka manatsara fomba fiasa ka mandala ny foto-kevitry ny haitondra voalaza etsy ambony izy ireo izay inoana fa hitondra vokatsoa eto amin'ny firenena.